Aza Mieritreritra Zava-dratsy

Davida sy Batseba—Fizarana 1

Toromarika: Mifidiana toerana mangina, dia vakio ny andinin-teny eto ambany. Alao sary an-tsaina ilay tantara. Ataovy hoatran'ny hoe teo mihitsy ianao, ka henonao ny feo manodidina sy ny olona miteny, ary tsapanao ny fihetseham-pon'ireo olona tantaraina ao.
Mpandray anjara: Davida, Batseba, Oria, ary Joaba
Famintinana: Nanao zava-dratsy be i Davida, nefa nataony izay hanafenana an'ilay izy.

1 ALAO SARY AN-TSAINA ILAY TANTARA.—VAKIO NY 2 SAMOELA 11:1-27.

Teny an-tampon-tranony i Davida no nijery an'i Batseba nandro. Alao sary an-tsaina ny paozin'ilay toerana nisy azy sy nisy an'i Batseba. Ataovy sary izany avy eo.

Araka ny hevitrao, hoatran'ny ahoana ny toetran'ireto olona ireto?

Davida _____

Batseba _____

Oria _____

Joaba _____

Mety ho hoatran'ny ahoana ny feon'i Oria eo amin'ny andininy 11?

_____

_____

2 FAKAFAKAO ILAY TANTARA.

Araka ny hevitrao, nisy fahadisoan'i Joaba ve tamin'i Oria maty? (*Vakio indray ny andininy 14-17.*) _____

_____

Mba diso koa ve i Batseba? Nahoana? (*Vakio indray ny 2 Samoela 11:4;* vakio koa ny Levitikosy 20:10.) _____

_____

Mety hoe tsy tokony ho tao Jerosalema i Davida tamin'ilay fotoana nahitany an'i Batseba, fa *tokony ho* taiza kosa? (*Vakio indray ny 2 Samoela 11:1.*) _____

_____

Mbola hatsangan'Andriamanitra amin'ny maty i Davida, Oria, Batseba, ary Joaba. Inona avy ny olana mety hilain'izy ireo alamina? _____

_____

_____

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Inona ny lalàna tsy nankatoavin'i Davida? Ary inona no tokony ho saziny? (Vakio ny Eksodosy 20:13, 14, 17; Genesisy 9:6; ary ny Deoteronomia 22:22.) _____

_____

Nahoana i Davida no azo lazaina fa nandika an'ilay lalàna ao amin'ny Eksodosy 20:15?

_____

_____

3 AMPIHARO IZAY NIANARANAO.

Soraty izay nianaranao momba an'ireto:

Nahoana no tsy mety ny mitsiriritra zava-dratsy, ka mieritreritra an'izany foana? (Jakoba 1:14, 15) _____

_____

Nahoana isika no tsy tokony hanaiky fotsiny, rehefa asaina manao zavatra mifanohitra amin'ny lalàn' Andriamanitra? _____

_____

Misy vokany foana ny fahotana na dia tsy tonga dia ekenao aza hoe ratsy ilay izy, ary na tsy misy olon-kafa mahalala aza. Nahoana? (*Vakio indray ny 2 Samoela 11:27.*) _____

_____

4 ERITRERETO IZAO:

Rahoviana aho no mety ho voan'ny fakam-panahy hijery zava-dratsy? _____

_____

Inona no hataoko mba tsy hitsiriritra sy hieritreritra zavatra tsy tian'Andriamanitra aho? _____

_____

Inona amin'io tantara io no tena hitako hoe mahasoa ahy? Nahoana? _____

_____

Soso-kevitra: Ataovy toy ny hoe vaovao amin'ny tele na radio io tantara io, ary mpanao gazety mitantara an'izay niseho ianao. Adinadino koa ireo olona ao amin'ilay tantara, sy ireo nahita an'izay nitranga.

JW.ORG™

Azo alaina ao amin'ny www.jw.org/mg ity PDF ity

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania